


FIADIDIANA NY REPOBLIKA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FANAMBARANA MIKASIKA NY GOVERNEMANTA VAOVAO**

Nijoro ny Governemanta notarihin'Atoa Praiminisitra Christian Ntsay ny 24 Janoary 2019, napetraka niaraka tamin'ireo minisitra isantokony tamin'izany ny drafitra tsy maintsy narahin'izy ireo ao anatin'ny herintaona mba hampifanaraka ny velirano nataon'atoa Filohampirenena sy ny fandaharanasa IEM ary ny politika ankapoben'ny fitondrampanjakana. Nandritra ny enimbolana voalohany nijoroan'ny governemanta teo aloha dia narafitra hifanaraka tanteraka ireo telo tonta ireo ary indrindra narindra tsara hifanaraka amin'ny tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana 2019. Napetraka ny fanamby sy ny tanjona mifandraika amin'izany niaraka tamin'ireo minisitra rehetra nandrafitra ny goverenamanta teo aloha. Vita izay ny enimbolana voalohany, natao nandritra ny 03 andro ny dinika sy ny fandrefesana ny zavabitan'izy ireo ary ny fandaharanasa entin'ireo mpikambana ao anatin'ny goverenemanta, araka izay voafaritry ny tetikasa nataon'Andriamatoa Filohampirenena. Mbola hisy ny enimbolana faharoa entina mijery ny fahavitan'izy ireo na tsia ny andraikitra napetraka tamin'izy ireo avy araka ny efa nifanarahana hatrany amboalohany,

Koa arak’izany dia mirafitra toy izao ny Governemanta vaovao tarihin’atoa Praiminisitra Christian Ntsay :

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

**DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA 2019-1410**

anendrena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta

**NY FILOHAN'NY REPOBLIKA**,

-

Araka ny Lalampanorenana,

-

Araka ny didim-panjakana laharana faha **2109-1407** tamin'ny 19 Jolay 2019 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;

Araka ny tolo-kevitry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta,

**DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO:**

**Andininy voalohany.-** Tendrena ho mpikambana ao amin'ny Governemanta ho:

Minisitry ny Fiarovam-pirenena :

**Général de Division RAKOTONIRINA Léon Jean Richard**

Minisitry ny Raharaham-bahiny :

**Andriamatoa Naina ANDRIANTSITOHAINA**

Mpitahiry ny Kasem-panjakàna, Minisitry ny Fitsarana :

**Andriamatoa Jacques RANDRIANASOLO**

Minisitry ny Toekarena sy ny Vola :

**Andriamatoa Richard RANDRIAMANDRATO**

Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefàna :

**Andriamatoa Tianarivelo RAZAFIMAHEFA**

Minisitry ny Filaminam-bahoaka :

**Contrôleur Général de Police RAFANOMEZANTSOA Roger**

Minisitry ny Fanajariana ny Tany, ny Toeram-ponenana sy ny Asa Vaventy :

**Andriamatoa Hajo ANDRIANAINARIVELO**

Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, ny Fampianarana ara-teknika ary ny Fampiofanana arak'asa :

**Ramatoa Marie Thérèse VOLAHAINGO**

Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka :

**Professeur Julio RAKOTONIRINA**

Minisitry ny Fambolena, ny Fiompiana sy ny Jono :

**Andriamatoa Fanomezantsoa Lucien RANARIVELO**

Minisitry ny Angovo, ny Rano sy ny Akoranafo :

**Andriamatoa Vonjy ANDRIAMANGA**

Minisitry ny Harena ankibon'ny tany sy ny Loharanon-karena Stratejika :

**Andriamatoa Fidiniavo RAVOKATRA**

Minisitry ny Fitaterana, ny Fizahan-tany sy ny Famantarana ny Toetrandro :

**Andriamatoa Joël RANDRIAMANDRANTO**

Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa, ny Asam-panjakàna ary ny Lalàna Sôsialy :

**Ramatoa Gisèle RANAMPY**

Minisitry ny Fampianarana ambony, ny Fikarohana ara-tsiansa sy ny Fanavaozana :

**Ramatoa Blanche Nirina RICHARD**

Minisitry ny Indostria, ny Varotra, sy ny Asa tànana :

**Ramatoa Lantosoa RAKOTOMALALA**

Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra :

**Andriamatoa Alexandre GEORGET**

Minisitry ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampiroboroboana ny Haitao Ara-kajy Mirindra :

**Andriamatoa Christian RAMAROLAHY**

Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsôsialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy :

**Ramatoa Lucien Irmah NAHARIMAMY**

Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena :

**Andriamatoa Tinoka Roberto Michael RAHAROARILALA**

Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina :

**Ramatoa Lalatiana ANDRIATONGARIVO RAKOTONDRAZAFY**

Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena, miadidy ny Zandarimariam-pirenena :

**Général de Division RAVALOMANANA Richard**

**Andininy 2.-** Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'izay voalazan'izao didim-panjakana izao.

**Andininy 3**.- Noho ny amehana, ary araka izay voalazan'ny**andininy fahaefatra sy fahaenina andalana faharoa** ao amin'ny hitsivolana **lahar ana faharoa amby enimpolo tsipika, aotrairaika amby efapolo tamin'ny sivy ambinifoloseptambra taona roa amby enimpolo sy sivanjato sy arivo** mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy ny lalàna iraisam-pirenena ifampitondran'ny isam-batan'olona, dia manan-kery avy hatrany izao didim-panjakana izao raha vantany vao ampahafantarina amin'ny alàlan'ny fampielezam-peo na fahitalavitra, ankoatry ny famoahana azy amin'ny
*Gazetim-panjakan'ny Repoblika.*

**Natao teto Antananarivo, ny 24 jolay 2019**

**Manao sonia**

**Andry Rajoelina**

Filohan'ny Repoblika

**Christian Ntsay**

Lehiben'ny Governemanta